AMPASIKA

# TOVOVAVY NAMONO TENA, NITSORAKA TEO AMIN'NY TETEZANA

4

MARINA IZANY ! 7

## TSIAMBARATELO HATRANY !

Fantina 3

## IREO FOMBA TSOTRA HISOROHANA NY MIVONKIN-KOZATRA


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7491 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alarobia 08 febroary 2023


TOMPONDAKA OPL 2023 3

## HIATRIKA NY ANDRO FAHA-5

ANOSY 2



## TAKARIVAN'NY MOZIKA MIARAKA AMIN'I SAMOELA

FILOHA ANDRY RAJOELINA - RAHARAHA 7 FEBROARY 7

# NIANTSO FAMELAN-KELOKA HO AN'IZAY NANAO RATSY



ROLLY MERCIA 7

## AMIN'NY 14 FEBROARY NY DIDIM-PITSARANA

TSY MIERITRERITRA 8

## NY HAMETRA-PIALANA NY MINISITRA RANJATOELINA

RAHARAHA ESIRA 8

## NIDINA TANY NY GOVERNORA SY NY OMC

MIDI FLASH Hivoaka manomboka anio

CLÉMENCE RAHARINIRINA 8



# SAZY MIHANTONA GADRA 12 VOLANA AN-TRANOMAIZINA




Lions Club Antananarivo Salanitra

# Takarivan'ny mozika iarahana amin'i Samoela etsy Anosy

*Hanomboka amin'ny 8 ora alina ny fampisehoana.*



Anisan'ny fikambanana miahy ny sahirana sy ny mahantra ny Lions Club Antananarivo Salanitra, izay tarihin'ny Filohany Tomboarivo Ravalihasy. Amin'ny alalan'ny asa soa maro samihafa no hanatanterahan'izy ireo izany, toy ny fizarana sakafo, fijerena maso, fampitaovana ny mpianatra. Ankoatra izay dia miaro ny tontolo iainana amin'ny alalan'ny fambolenkazo ihany koa izy ireo. Mba hahafahan'izy ireo manohy ny asa soa ataony dia mila manatevina ny kitapombolany izy ireo. Ny asabotsy izao dia mikarakara fampisehoana goavana ataon'i Samoela ao amin'ny Kudetta Urban etsy Anosy izy ireo. Hanomboka amin'ny 8 ora alina ny fampisehoana saingy voafetra ihany ny toerana ka mila fandrihana dieny izao. Mandritra ity fotoana ity no hanohizan'i Samoela ny fampahafatarany ilay rakikirany faha-11 " Bandy Rangahy" anaty USB, izay misy hira 11 ihany koa. Ankoatra ireo hira ao antin'ny Album anefa dia tsy hohadinoin'i Samoela ny mikalo ireo hira nahafantaran'ny maro azy nandritra izay 25 taona. "Potika sy Love" no lohahevitra nentina manamarika ny fampisehoana, satria dia mifanandrify amin'ny fankalazana ny fetin'ny mpifankatia ihany koa izany. Nofidian'ny Lions Club Antananarivo Salanitra i Samoela amin'ny maha mpanakanto malaza sy tsy lefy lasa azy ary samy mankafy ny hirany daholo ny sokajin-taona rehetra. Ny vola ho azo amin'ity fampisehoana ity, raha ny fanazavana, dia entina manontolo hanatevenana ny kitapom-bolan'ny fikambanana entina manohy ny asa soa ataony.

**Tiaray R**

HOTSAKOTSAKOINA

"Tsy miandry ny hafa hitaraina izay vao mody miala tsiny. Manomeza, aza malaina, tanteraho izay mba iriny."

Ny Vetso (26.02.14)

("N'attendez pas la douleur de l'autre pour demander des excuses.")

Ifm - Madagascar Mozerateum

# Fetin'ny mpifankatia miaraka amin'ny Quator Squad



**Hiangaly ny mozikan'i Beethoven sy Maurice Ravel ary ny hafa ny Quator Squad.**

Miditra amin'ny andiany faha-136 amin'izao fotoana izao ny Concert Classique de Midi karakarain'ny Madagascar Mozareteum etsy amin'ny IFM Analakely. Ny talata 14 febroary izao dia ry zalahy Quator Squad, ahitana an-dRy Hervais Rabarison, Ravo Raboanariso, Andry Robinson ary Kiady Rakotomalala. Hanampy azy ireo amin'ny fitendrena gitara beso kosa i Tohy Ramaroson. Izy dimy lahy ireo no hamerina indray ho an'ireo mpankafy ny mozika klasika fanaon'i Ludwig Van Beethoven, Maurice Ravel, Adolphe Blanc, He Zhanhao, Léonard Brenstein, Carlos Gardel. Hanomboka amin'ny 1 ora antoandro tsy diso ny fampisehoana ary hifarana amin'ny 2 ora latsaka fahefany. Ho an'ireo izay maniry ny hanatrika ity fampisehoana tsy misy vidim-pidirana ity dia misokatra amin'ny 12 ora antoandro ny varavarana ary mikatona amin'ny 1 ora latsaka dimy. Saingy raha feno alohan'izay ny toerana dia mikatona aloha ihany koa ny trano.

**Tiaray R**

Mialy Rakotomamonjy

# Hamoaka rakitsary vaovao indray

Manana vina ny hamoaka rakitsary vaovao indray i Mialy Rakotomamonjy atsy ho atsy. Efa eo ampikarakarana izany indrindra izy amin'izao. Hisantarana izany vokatra vaovao izany moa dia namoaka hira vaovao be izay izy, mitondra ny lohateny hoe :"Raha hino ianao" tamin'ny faran'ny herinandro teo. Hira izay mitondra fankaherezana sy fanantenana ho an'ny rehetra moa io hira io. Milamindamina sady mamelombelona ny fanahy ihany koa. Nialoha an'io hira io moa dia efa namoaka hira iray ihany koa izy, natolony ho an'ireo izay vao avy nanorina tokantrano, nampitondrainy ny lohateny hoe "arahabaina e". Ity farany no vokatra voalohany navoakany tamin'ity taona ity. Mampanantena ny mpankafy moa izy fa ho maro ny hira havoakany amin'ity taona ity alohan'ny hamoahana an'ilay rakitsary vaovao io. Efa miparitaka amin'ny haino aman-jery maro izany amin'izao. Eo amin'ny resaka fampisehoana indray dia efa manana programa maromaro ihany koa ny tarika amin'izao, saingy mbola misokatra amin'ny fiaraha-miasa rehetra foana ihany koa izy ireo raha misy ny maniry ny hanao izany.

**Tanya.R**



**Tsy mitsahatra mamoaka rakikira i Mialy Rakotomamonjy.**

MINISTERE DE L'EDUCATION NATIONALE

UNITÉ DE CONTRÔLE ET AUDIT (UCA)

**Unité de Contrôle et d'Audit :**
***un soutien dans la performance de la fonction publique***



Ayant adopté l'Agenda 2030, Madagascar s'est engagé à mettre en œuvre une politique générale efficace qui lui permettrait d'atteindre les Objectifs de Développement Durable (ODD). La mise en place de la direction en charge du contrôle, de l'audit et d'inspection administrative et financière dénommée Unité de Contrôle et d'Audit (UCA) entre précisément dans ce cadre et démontre la volonté des décideurs d'œuvrer concrètement dans l'amélioration des services publics offerts par le Ministère de l'Education Nationale (MEN). Cette Unité apporte son soutien dans la performance de la fonction publique, notamment dans l'amélioration de l'organisation, de la gestion administrative et financière afin de sauvegarder l'intérêt de l'État et protéger l'administration de tout abus. L'UCA, la direction chargée de contrôler et d'inspecter toutes les directions du Ministère, tant au niveau central que régional, est représentée dans les STD par un service rattaché au DREN (SCAIIAF) et par une division auprès des 114 CISCO (DCAIIAF, anciennement dénommé BCAF) de la Grande Île. L'Unité accompagne toutes les directions et les services dans le processus de changement, passant de la culture de « moyens » à la culture de « résultats » à tous les niveaux.

En ce sens, depuis la mise en place de l'UCA en 2020 jusqu'à ce jour, des formations avec les responsables nouvellement nommés auprès des STD ont été menées afin d'assurer la maîtrise des procédures en vigueur, des activités ou des opérations sur l'ensemble des différents organismes du MEN et fournir une recommandation ciblée.

Ainsi, chaque agent représentant de l'UCA présente les aptitudes ci-après :

- Dans un premier temps, il détecte au bon moment les éventuelles incohérences de l'acte accompli par rapport aux lois et textes règlementaires ;
- Par la suite, il définit les mesures correctives à l'égard des parties concernées en vue d'obtenir une rectification ;
- Enfin, il évalue les risques sur toute situation menant à des conflits au sein de son département.

Une nette amélioration de la performance du MEN est saluée par les partenaires techniques et financiers : des données probantes sont disponibles, notamment en termes de gestion des plaintes où la totalité des plaintes portant sur les agissements d'abus et de détournement ont été traduites en justice depuis près de deux ans. Aussi, tout agent ayant commis des actes non réglementaires est traduit devant les instances compétentes afin d'asseoir le mandat du Ministère de l'Education Nationale dans l'instauration d'un environnement de stabilité et de transparence.

Un recensement continu des matériels informatiques et mobiliers ainsi que la traçabilité de la gestion sont assurés par l'équipe interne de l'UCA avec une proposition d'outils efficaces pour obtenir une gestion performante et équitable des biens publics.

Au terme de l'année 2022, le rapport des Nations Unies et de la Banque Mondiale a stipulé que les malversations sur les dépenses inéligibles et les fraudes financières ont connu une nette diminution au sein des départements du MEN. Le contrôle à priori, en cours d'exécution et à posteriori des pièces comptables sur les activités financées par le projet PAEB DLI ou des fonds alloués par l'UNICEF a permis d'éclairer les points et objectifs du Ministère sur la gestion des ressources dotées par les partenaires techniques et financiers et la vérification des pièces comptables : ce qui a conduit à la baisse des actes de détournement et de corruption.

À l'instar des projets pour la mise en place de la politique interne de lutte contre la corruption et pour la mise en place d'un standard de service optimisé pour le Ministère et tous ses démembrements, l'Unité apporte une pierre angulaire dans la réalisation des exigences en termes de qualité de service fourni aux citoyens et de la transparence dans la gestion des affaires publiques. Pour assurer la réussite de ses missions, des formations ciblées et dotations sont en cours de formulation pour contribuer à l'amélioration et à la performance du Ministère en termes de gestion financière et administrative.


G CL 406/31-2

Atletisma - Tompondaka "Elites LANA" Bordeaux

# Teratany malagasy no mpanjakan'ny halavirana 60 metatra

*Efa maro ireo anaram-boninahitra azon'i Haja.*

Ilay Malagasy Randrianasolo Haja no nandrombaka ny medaly volamena, nandritra ny fiadiana ny tompondakan' ny faritr'i Bordeaux Frantsa, taranja atletisma. Notanterahina tany Bordeaux ny asabotsy 28 sy ny alahady 29 janoary lasa teo izany, fifaninanana anaty efitrano «Elites LANA». Nifaninana tamin' izany Randrianasolo Hajatiana, ao anatin'ny klioban'ny US Talence, ka ny halavirana 60m no nifaninanany. Nisongadina ny lehilahy, raha nahavita ny halavirana tao anatin'ny 6 s 76, ka nandrombahany ny laharana voalohany tamin'izany. Anisan'ny misongadina amin'ity hafainganam-pandeha ity i Haja. Efa maro araka izany ireo anaram-boninahitra efa azony tamin'izany. Anisan' ireny ny naha tompondaka lefitra azy, tamin'ny fiadiana ny tompondakan'i Frantsa, teo amin'io halaviran-dalana io, ny taona 2019. Ankoatra izay, efa tompondaka teo amin'ny fifaninanam-pirenena oniversite, ho an'ny halavirana 100m, ary tompondaka lefitra teo amin'ny 200m, ny taona 2014. Efa tompondakan'i Frantsa, ho an'ny sokajy "Espoir", teo amin'ny 60m ny taona 2015. Ankoatra ireo fifaninanana natrehiny tany Frantsa dia efa nihazakazaka tatsy amin'ny Nosy La Réunion ihany koa i Haja, ka in-3 tompondakan'io Nosy rahavavy io teo amin'ny 60m sy ny 100m ary in-4 teo amin' ny 200m. In-2 tompondakan' ny "regional nouvelle aquitains, teo amin'ny 60m. Tsiahivina fa zanak'i Me Haja, mpanazatra ara-batana eo amin'ny taranja ady totohondry, basikety sy baolina kitra ary atletisma, i Hajatiana ka azo lazaina fa tsy tongatonga ho azy izao fandrombahany anaram-boninahitra izao.



**Tsy namelan'i Haja raha tsy norombahiny ny medaly volamena.**

Rabenaivo

Kitra - Tompondaka OPL 2023

# Hiatrika ny andro faha-5 amin' ity faran'ny herinandro ity

Rehefa avy nandray anjara tamin'ny CHAN 2022 ny sasany tamin'ireo mpilalao, mandray anjara amin'ny fiadiana ny tompondakam-pirenena « Orange Pro League », dia hiverina an-kianja indray amin'ny faran'ny herinandro ho avy izao, hanohy ny andro faha-5 amin'ny fifaninanana. Araka ny fandaharan-dalao dia fihaonana efatra isaky ny « Conférence » no harahin'ny mpankafy baolina kitra, izay heverina fa hameno ny kianja amin'izay taorian'ny zavabitan'ny Barea de Madagascar tany Algerie teo ireny. Ny fahitan'ny mpilalao mpijery baolina maro be mantsy dia hampirisika azy ireny, hampiseho endri-dalao mahafinaritra ka hampiakatra hatrany ny lentan'ny fifaninanana amin'ny O.P.L. Lalao efatra avy no hotanterahina isaky ny « Conférence ». Ankoatra ny Disciples FC avy any Vakinankaratra, dia marihina fa samy manana kianja, handraisana ny fihaonana avokoa ny ekipa 15 miatrika ny O.P.L. Toa izao ny filaharana vonjimaika tamin'ny andro faha-4. « *Conférence Nord* » : 1°/ FOSA Jr Boeny (isa : 12) – 2°/ COSFA Analamanga (8) – 3°/ AJESAIA Bongolava (7) – 4°/ AS Fanalamanga Alaotra Mangoro (6) – 5°/ USCAFoot Analamanga (3) – 6°/ ASA Diana (2) – 7°/ Tia Kitra Atsinanana (2) – 8°/ TFFC boeny (1) ; « Conférence Sud » : 1°/ CFFA Analamanga (7) – 2°/ Zanakala FC Matsiatra Ambony (7) – 3°/ JET Kintana Itasy (7) – 4°/ Elgeco Plus Analamanga (7) – 5°/ DATO Fc V7V (6) – 6°/ Mama Fc Ihorombe (5) – 7°/ Disciples FC Vakinankaratra (4) – 8°/ 3 FB Toliara Atsimo Andrefana (1).

**Tsara ho fantatra**

Tahaka izao ny fizotran'ny fandaharan-dalao isaky ny : « *Conférence Nord* » : Sabotsy 11/02/2023 : Kianja Ambohidratrimo / 2 ora 30 : TFFC Boeny # COSFA Analamanga – Kianja Barikadimy Toamasina / 2 ora 30 : AS Fanalamanga Alaotra Mangoro # Tia Kitra FC Atsinanana ; Alahady 12/02/2023 : Kianja Port Berger / 2 ora 30 : ASA Diana # FOSA Junior FC Boeny – Kianja Ambohidratrimo / 2 ora 30 : AJESAIA Bongolava # USCAFoot Analamanga ; « *Conférence Sud* » : Sabotsy 11/02/2023 – Kianja Elgeco Plus By Pass / 2 ora 30 : Mama FC Ihorombe # JET Kintana Analamanga ; Alahady 12/03/2023 – Kianja Manakara / 2 ora 30 : DATO FC V7V # Elgeco Plus Analamanga – Kianja Maître Kira Toliara / 2 ora 30 : 3 FB Toliara Atsimo Andrefana # CFFA Analamanga – Kianja Elgeco Plus By Pass / 2 ora 30 : Disciples FC Vakinankaratra FC # Zanakala FC Matsiatra Ambony.

**aris rafaly**

Tennis - Lalaon'ny Nosy

# Vonona ny federasiona na efa tara aza ny fanomanana

Enim-bolana eo sisa dia higadona ny fotoana hanatanterahana ny Lalaon'ny Nosy eto amintsika. Hatreto dia mbola tsy miainga aloha ny fampivondronana karakarain'ny fanjakana. Samy miezaka mihetsiketsika avokoa ireo federasiona voakasika sy anisan'ny tafiditra handray anjara amin'izany. Ho an-dry zareo eo anivon'ny taranja Tennis, nambaran'ny filohany, Rakotomaniraka Naina Zandina, fa tsy mbola nisy ny fiantsoana voarain'ny Federasiona malagasy ny tenisy hatramin'izao mahakasika ny Lalaon'ny Nosy. Na izany aza, maneho ny fahavononany izy ireo. Nohamafisin'ity filohany ity fa tena anatin'ny tsy fahalalana tanteraka mahakasika ny fanomanana sy fampivondronana izy ireo amin'izao. Na eo kosa aza izany, nanambara ny fahavonony ny FMT na dia efa somary tara aza. Efa tany amin'ny volana jona 2022 no tokony nanombohan'ny fampivondronana, hoy Ingahy Zandina, izany hoe tokony ho iray taona farafahakeliny ny fanomanana fifaninanana iraisam-pirenena, raha he hahazo vokatra tsara. Mahakasika ny ekipam-pirenena dia efa an-dalampandinihana ny fomba hanatanterahana ny fitiliana ireo atleta ny ekipa teknika eo anivon'ny federasiona, hoy hatrany ity filohan'ny federasiona ity, izay mieritreritra haka "expatriés" ihany koa. Miankina amin'ny hoentimanana anefa no hahafahana manao izany, hoy izy.

Rabenaivo

## Fantina

# Ireo fomba atao hisorohana ny mivonkin-kozatra na "Crampes"

**Misotro rano** : Nambaran'ny dokotera fa tsara raha misotro rano 1 litatra sy tapany isan'andro ny olona iray, izay manampy amin'ny fampihenana ny habetsahan'ny asidra any anaty vatana, mahatonga ny tsy fikorianan'ny rà amin'ny tokony ho izy.

**Mihinana siramamy** : Tsara raha mihinana siramamy amin'ny antonony alohan'ny hanaovana fanatanjahantena mitaky herim-batana. Azo tohizina eny anelanelany ny fihinanana izany siramamy izany raha toa ka maharitra ny fanaovana ilay spaoro.

**Tsy tokony hisotro Café na Thé**: Alohan'ny hanaovana fanatanjahantena mitaky herim-batana dia tsy tokony hatao ny misotro «Café» na «Thé». Araka ny fantatra dia isan'ny mitarika sy manampy amin'ny fahazoana ny «Crampes» izy ireny.

**Mila mihinana legioma**: Tena manampy amin'ny fampikorianan-drà any anatin'ny vatana ny fihinanana legioma. Tsy dia misy fady loatra izy ireny fa saika mila fanadiovana tsara fotsiny alohan'ny hihinanana azy. Voalaza fa tena tsara raha hanina manta ireny legioma ireny satria tsy dia tian'ny asidra sy ireo singa mitondra ny «Crampes» loatra iny izy mbola manta iny.

**Tokony hovaovaina ny sakafo hanina** : Tsara raha ovaovaina foana ny sakafo hanina mba hahafahan'ny vavony miaina tsara. Mila lanjalanjaina tsara ihany koa anefa izany satria dia miteraka «crampes» indrindra any amin'ny vavony ny tsy fahazakany ny sakafo mavesatra.

**Tsara raha mihinana voankazo**: Tena tsara raha mahery mihinana voankazo ny mpanao Fanatanjahantena. Tsy dia tsara kosa anefa raha eny anelanelany no hihinanana izany satria mety hanentsina ny fiaina. Mety raha aorian'ny fanaovana fanatanjahantena na asa mitaky hery sy tanjaka no hihinanana azy ireny. Ny akondro sy voasary no tena mety ho an'ny mpanao fanatanjahantena.

**Ilaina ny sakafo vita amin'ny ronono**: Tokony hihinana sakafo vita amin'ny ronono isan'andro ny olona. Tsy voatery ho ny mpanao fanatanjahantena ihany fa ny rehetra dia tokony, ary ampaherezina mihitsy hazoto hihinanana izany. Miankina amin'ny fahafahan'ny tsirairay ihany anefa izany fa tsy voatery. Ny tena mahazatra dia ny fihinanana ronono na fromazy.

**Tsara koa ny trondro**: Isan'ny mitondra «Calcium» betsaka ny trondro. Raha azo atao dia mba mihinana trondro indray isaky ny 3 andro ny olona iray. Marihina fa any anatin'ny taolan-trondro no tena ahitana izany Calcium izany ka tsara raha tsy ariana izany. Tandremo ihany anefa sao kenda fa tsy ilay taolana lehibe ireny no atelina fa izay kelikely azo atelina ireny ihany.

**Mihinana «Calcium»**: Isan'ny tena fositra mahatonga voalohany ny «Crampes» ny tsy fahampian'ny «Calcium» ao anatin'ny vatana. Tsara raha mividy eny amin'ny toerampivarotam-panafody, saingy mila manatona dokotera mpitsabo alohan'ny hividianana izany satria misy karazany maro izy ireny.

**Manafana tena tsara** : Alohan'ny hanaovana fanatanjahantena dia tsara raha manafana tena tsara. Tsy tokony ho maikamaika hanao fihetsika mahery vaika ihany koa, satria dia mety hitarika «Crampes» avy hatrany izany. Marihina fa mila tambatambazana moramora ny vatana fa tsy tonga dia henjanina manta be amin'izao.


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Lamba isan-karazany, fitaovan-dakozia, machine, bisikileta, cahier. M. Sarah. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 459/8-6)

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 033.72.834.38 / 034.22.160.88. (G-BA 460/20-5)

* Mividy kilalao, kiraro, poketra, tele, radio, korontana, débarras. Cause départ. Tél : 034.68.141.74. (G-BA 462/6-4)

* Mividy lamba, kiraro, poketra, fanaka, debara, frigo, TV. Tél : 033.04.572.23 / 034.43.260.88. (G-BA 464/6-2)

### COURS

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 466/3-2)

* Cours de coiffure accéléré Isotry ampitan'ny mpivaro-kazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 463/10-3)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy : coupe homme. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 463/10-3)

### SERVICE

* Vidange wc & puisard, construct° & réhabilitat°. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 461/5-5)

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, curage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 465/6-2)

### VIDANGE

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast. Azo hifanarahana tsara. Tél : 034.36.128.35. (G-BA 452/15-13)

Ampasika

# Tovovavy namono tena, nitsoraka teo amin'ny tetezana

*Araka ny fanazavana dia olana ara-pitiavana no nahatonga izao famonoan-tena izao.*

Vehivavy tokony ho 22 taona no hita maty an-drano teny amin'ny ranon'Ikopa, teny Ampasika, omaly maraina. Mbola hita teny aminy ny fitafiany tamin'io fotoana nahitana azy io. Tsy nahitana ratra ivelany teny amin'ny vatany. Nitangorona ny olona teo anatrehan'izany. Araka ny fantatra dia mipetraka eny amin'ny manodidina eny ihany ity tovovavy ity ka nisy ny nahafantatra azy. Efa tonga teny an-toerana ihany koa ny fianakaviany raha vao nahafantatra mikasika ny zava-niseho. Araka ny fanazavana dia namono tena nitsoraka teo amin'ny tetezana ilay tovovavy ny alin'ny alatsinainy ary ny talata maraina io hita io ny razana. Tsy zakany ny fiainany ka nahatonga azy namoy fo tany anaty rano tahaka izao. Araka ny fanazavana dia tokony ho tamin'ny 12 ora alina izy no nitsambikina avy eny ambony eny ka nitontona tao anaty rano ary tsy nipoitra intsony. Ny maraina vao hita ary ny vatana mangatsiakany sisa no novantanin'ny rehetra. Araka ny fanazavana dia olana ara-pitiavana no nahatonga izao famonoan-tena izao. Maro ny resaka mandeha hoe norarana tsy navela hivady izy sy ny olontiany fa hoe mpihavana izy ireo. Ny loharanom-baovao hafa ihany koa anefa milaza fa efa manambady amanjanaka ilay lehilahy niaraka tamin'ilay vehivavy, saingy tsy fantany mihitsy raha tsy tamin'io andro io. Tsy zakany izany satria diso fanantenana izy ka ny hamono tena no tao an-tsainy, ary dia notanterahiny izany. Efa tonga teny an-toerana ny mpitandro filaminana raha vao naheno ny zava-niseho.

T.H

Vangaindrano

# Fatin-dehilahy hita tao anaty lakandrano

Lehilahy 22 taona no hita faty tao anaty lakandrano eny amin'ny tanimbary, eny amin'ny toerana antsoina hoe Ankadirano, ao amin'ny fokontany Mahavelo, any Vangaindrano, afakomaly tokony ho tamin'ny tokony ho tamin'ny 5 ora hariva. Tsy nisy ratra teny amin'ny vatany. Olona nandalo teny an-toerana no nahita azy nitsirara teo. Vetivety dia niely ny feo mikasika ity faty hita ity ka tonga maro teo ny olona nijery ny razana. Efa nahafantatra mikasika ny zava-niseho ihany koa ny fianakaviany taorian'izay ka efa tonga tany amin'ilay toerana nahitana ny razana. Rehefa nampandrenesina ihany koa ny zandary dia nidina ifotony teny an-toerana nanao fizahana niaraka tamin'ny dokotera raha vao nahare izany. Araka ny fanazavana azo dia nilaza ny fianakavian'ny maty fa manana areti-mitaiza ity lehilahy ity. Tsy fantatra araka izany na nihetsika io aretina io dia nahatonga azy nilatsaka tao anaty lakandrano ka nitarika ny fahafatesany na ahoana. Tsy nisy nahita izay tena nahazo azy rahateo fa izy efa maty no hitan'ny olona. Ny fanampim-panazavana no nahalalana fa niala tao an-tranony ny maraina tamin'io andro io ity lehilahy ity fa hoe handeha hihaza vorona sy trondro, kanefa dia tsy tafaverina nody intsony fa ny vatany mangatsiakany sisa no hita.

T.H

Marohoho - Andohamandry

# Mihorohoro ny mponina, misy mikasa haka ny tany

Nihaona tamin'ny mpanao gazety ny vahoaka ao amin'ny fokontany Andohamandry (Marohoho) eny amin'ny boriborintany faharoa. Nitaraina ny fokonolona fa misy mikasa haka ny tanin'izy ireo izay efa misy trano miorina ary efa nahavitana « borne ». Lehilahy iray mitonona ho mpiasan'ny fitsarana no manao izany fanakorontanana saim-bahoaka izany. Mahitahita mahafantatra olona ambony hono izy ka halaina ambongadiny ny tany efa najarian'ny mponina am-polo taona. *« Lehilahy iray antsoina hoe Rakotondrafara Julien ity manjakazaka ity . Manana trano eo ihany koa izy ary raha ny namabarany dia halainy ny tany rehetra ety »*, hoy ny vahoaka eny an-toerana. Gaga ny mponina satria fahefana manao ahoana loatra no ananan'ity lehilahy ity ka hahafahany manao izany fanjakazakana izany. Olona tokana izy ary fantatra fa tsy mpiasa raikitra akory fa mbola « ECD » ao amin'ny fitsarana ao ny tenany. Noho izany dia nanao fitarainana ihany ny vahoaka ary efa tonga any amin'ny biraon'ny sampandraharahan'ny fananan-tany ny raharaha. Nony tonga teny an-toerana ny tompon-andraikitra nanao fitsirihana dia mba anisan'ny nanatrika teo ihany koa ilay rangahy. Raikitra araka izany ny horakoraka sy ny fifamaliana. Tao anatin'izany dia nanizingizana ilay rangahy fa azy ny trano sy ny toerana. Tsy nanaiky anefa ireo vahoaka. Tamin'io fotoana io dia nampaganin'ilay lehilahy ho nidaroka azy ny mponina sasantsasany izay nanohitra azy teo ka notoriany tany amin'ny polisy. Voantso tsy fidiny araka izany ireto vahoaka ny amin'ny tranga izay tsy nataony akory.

**Tsy hanaiky mora**

*« Noho io fanjakazakana io dia mitonon-tena ho mpiasan'ny fitsarana ilay rangahy ary mahafantatra olona ambony. Io no mahatonga azy handrahona sy manao izao fanakorontanana saim-bahoaka izao. Nisy mihitsy ny mponina efa notoriany ary nenjehiny ho nanambana basy azy ary nidaroka azy, izay tsy nisy akory fa fanendrikendrehana ihany . Hamafisiko fa efa feno trano ny tany ary na ilay olona io aza dia vahiny fa tsy mponina tety akory. Toerana efa vita « borne » avokoa ny tany ety. Ho ahy manokana dia tsy mbola nisy trano akory tety aminay no efa nipetraka tety izahay. Marihina fa fasana no nanaovan'ilay olona mitady hibodo tany io ny tranony. Raha azy ny tanàna dia tsy tokony ho fasana no nanganany trano fa tany ara-dalàna. Misy efa tamin'ny taona 1986 izahay no tety ary tamin'ny fotoan'andro no nanorenanay tety »*, hoy ny vahoakan' Andohamandry. Manoloana ity raharaha ity dia nilaza ny tsy hanaiky mora izy ireo raha misy ny mikitikita ny tany. Nanamafy ihany koa ny filoha lefitry ny fokontany fa efa mandeha ny fikarakarana ny taratasin'ny tanin' ireo vahoaka eny an-toerana ary miandry ny fanomezana « titre » faobe izy ireo , araka ny efa nampanantenain'ny fitondram-panjakana.

Ariel D.

Behenjy

# Tokantrano nahatrarana rongony 254 fonosana



**Ireo rongony !**

Mpivarotra rongony ao amin'ny kaominina Behenjy no voasambotry ny zandary rehefa natao fitsirihana tamin'ny sabotsy lasa teo. Nahatrarana rongony 254 fonosana (baomba) sy rongony rarany milanja 2 kilao, ary ody ratsy mohara, tranom-bala ary antsy fibara, tany aminy. Olona telo no nosamborina tamin'ity raharaha ity ary hatolotra ny fapanoavana aorian'ny famotorana ataon'ny mpitandro ny filaminana. Raha zohina dia ny sabotsy tokony ho tamin'ny 11 ora antoandro no nosavain'ny zandary teo an-tsenan'i Behenjy ny lehilahy iray 49 taona. Mponina ao Behenjy Ambany ity farany ary efa narahin'ny zandary maso noho ny fanaparitahana rongony tao an-toerana. Rehefa nosavana ity farany dia nahitana fonosan-drongony baomba tao ampaosiny. Niaiky ihany koa izy fa efa mpifoka rongony nanomboka izy vao 16 taona. Taorian'izay dia nitatra ny fikarohana ka tody amin'izao fisamborana ny mpivarotra sy ny mpamatsy azy izao.

**Rongony ambongadiny**

Raha ny loharanom-baovao avy amin'ny zandarimariam-pirenena dia natao ny fanadihadiana sy ny fitsongoana dia ilay mpivarotra rongony tamin'io lehilahy io. Tratra tamin'izany ny lehilahy iray 32 taona sy ny vadiny, monina ao Amboanjobe, kaominina ambanivohitra Bongatsara, distrika Antananarivo Atsimondrano. Ireto mpivady ireto no mpivarotra rongony ambongadiny amin'ilay olona voasambotra voalohany sy eny amin'ny manodidina. Tao aminy ihany koa no nahatrarana ireo zava-mahadomelina be dia be ireo, hoy ny zandarimariam-pirenena brigady Behenjy. Anisan'ny fandikan-dàlàna anenjehana azy ireo ny fitazomana sy fivarotana rongony ary fikambanan'olon-dratsy.

Ariel D.


Farafangana

# Lehilahy maty voavely "bois rond", olona iray voasambotra

Lehilahy iray no voavely » bois rond » teo amin'ny lohany tany Farafangana ka nitarika tamin'ny fahafatesany izany. Efa voasambotra afakomaly tany Manakara ny olona voarohirohy ho tompon'antoka tamin'izany ary efa nentina natao famotorana tany amin'ny biraon'ny mpitandro filaminana. Araka ny fanazavana, ny alin'ny 29 oktobra hifoha 30 oktobra rehefa avy nisotrosotro izy efa-dahy dia nandeha nanatitra ny iray tamin'izy ireo nody tany an-tranony izy telo lahy namany. Rehefa teny an-dalana dia nifamaly tamin'olona ny iray tamin'izy efa-dahy ka nisy ny ady. Nenjehin'ilay olona tamin'ny hazo ny iray tamin'izy ireo izay niady taminy io fa tsy azony ka ity namany iray ity no tratran'ilay nanenjika dia novelesiny tamin'ny « bois rond » rehefa tratrany. Naratra mafy io ary efa nentina namonjy hopitaly saingy tsy tana intsony ny ainy taorian'izay. Dia nametraka fitoriana ny fianakavian'ny maty ka io nisy lehilahy iray voasambotra io. Mitohy ny famotorana.

T.H

## Manal azy de mimeme




## Sarisary zary tenany

Tsisy




## Hatsikana an-tsary

Fay




## Masoandro Miposaka

**Marka 1 : 21-22**

Ary nankany Kapernaomy izy ireo; nony tamin'ny Sabata, dia niditra tao amin'ny synagoga niaraka tamin'izay Jesosy ka nampianatra. Dia talanjona ny olona tamin'ny fampianarany, satria nampianatra azy tahaka izay manana fahefana Izy, fa tsy mba tahaka ny mpanora-dalàna.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Lomanon'ilay jamba, ka izay hidonan'ny loha no hiakarany.**

Un aveugle traversant une rivière à la nage : il montera (la berge) là où sa tête heurtera.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2876

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 7 | | | 6 | | 9 | | | |
| | | | 4 | | | | 1 | |
| 2 | 4 | | | 3 | 8 | | | |
| | | 4 | | | | 9 | | |
| | 9 | | | 8 | | | | |
| 3 | | | | | 1 | 7 | | |
| | | | 2 | 4 | | 6 | | 7 |
| | | 6 | | | | | 4 | |
| | | | | 5 | | | | 3 |

Valin'ny laharana 2875

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | 5 | 1 | 2 | 6 | 3 | 7 | 9 | 4 |
| 4 | 6 | 9 | 7 | 8 | 1 | 5 | 3 | 2 |
| 2 | 7 | 3 | 9 | 5 | 4 | 6 | 1 | 8 |
| 6 | 4 | 7 | 3 | 2 | 5 | 1 | 8 | 9 |
| 1 | 2 | 8 | 6 | 4 | 9 | 3 | 5 | 7 |
| 9 | 3 | 5 | 8 | 1 | 7 | 4 | 2 | 6 |
| 7 | 1 | 4 | 5 | 9 | 8 | 2 | 6 | 3 |
| 3 | 9 | 2 | 1 | 7 | 6 | 8 | 4 | 5 |
| 5 | 8 | 6 | 4 | 3 | 2 | 9 | 7 | 1 |

Filoha Andry Rajoelina - Raharaha 7 febroary

# Niantso famelan-keloka ho an'izay nanao ratsy !

*Nohamafisin'ny Filoham-pirenena fa tsy manadino ireo niharaboina sy nanana havana lavo nandritra ity tolompanafahana ity fitondram-panjakana tarihany.*

Feno 14 taona katroka omaly ny hetsi-pitolomana momba ny raharaha 7 febroary 2009 niseho teny Ambohitsorohitra. Notsarovana mankana tamin'izany ireo nitolona sy mpiray tanindrazana 49 lavo noho ny fijoroana ho an'ny fitiavan-tanindrazana. Tsy nohadinoin'ny fitondram-panjakana ny nanamarika izany ka nisy ny hetsika notarihan'ny Filoha Andry Rajoelina niaraka tamin'ireo tomponandraiki-panjakana isan-tsokajiny teny an-toerana. Nanombohany izany ny fametrahana fehezam-bonikazo teo amin'ny tsangambato manoloana ny lapampanjakana Ambohitsorohitra. Tamin'ny fandraisam-pitenenana fohy izay nataony no niantsoan'ny Filoha Andry Rajoelina famelan-keloka ho an'ireo izay nahavanon-doza sy nanao ratsy tamin'izany. Nampahatsiahiviny ny tokony hitohizan'ny tolona hatrany amin'ny alalan'ny asa fampandrosoana ny firenena. *«Andro tsy azo hadinoina ary mibaiko ny fitiavantanindrazana misy eo amintsika tsirairay avy sy ny adidy hoentina mampandroso ity firenena ity ny andro anio (omaly). Tsy ho raraka antany ny aina nafoy teto, ary na maro aza ny sakana, dia miroso isika manohy ny asa tokony hatao hampandrosoana an'i Madagasikara »*, hoy ny Filoha Andry Rajoelina. Tetsy andanin'izany, nisy ny hafatra nomeny ireo tomponandraikitra, na olomboafidy io na olom-boatendry, ny amin'ny tokony hiraisan'izy ireo hina sy hijoroany hatrany manoloana ny ezaka tokony hatao. *«Aoka tsy hivadi-belirano ianareo mpiara-mitolona. Rehefa miray hina isika dia tsy maintsy mandresy. Ho resintsika ny fahantrana, ho resintsika ny fahavalo »*, hoy ihany ny Filoha. Ankoatra ireo, tsy nohadinoiny ny nankahery ireo nitondra takaitra sy namoy havana noho io tolona tamin'ny 7 fabroary 2009 io.

JUDD

Marina izany !

## Tsiambaratelo hatrany !

**Maro ny trangan-javatra manamarika ny tantara, taorian'ny nahazoan'i Madagasikara fahaleovan-tena. Nisesisesy teto ny krizy pôlitika, nanomboka tamin'ny taona 1972 ; 1975 ; 1991, 1996 ; 2001 ; 2002. 2009. 2018. Ary tsikaritra ho arakaraka ny androsoan'ny fotoana no mampihena ny elanelan'ny faharetan'ny krizy. Samy nanamarika ireo daty notanisaina eo ambony ireo, izay niteraka savorovoro sy nahasimbana fananan'olon-tsotra sy fitaovam-panjakana, eny namoizana ain'olona mihitsy aza, ny mpitondra nifandimby teto. Ny nomarihina tamin'ny fomba ôfisialy omaly ohatra dia ny zava-nitranga, tetsy Antaninarenina, tamin'ny 7 febroary 2009. Ny somary mahavalalanina anefa, amin'ny ankapobeny dia mijanona ho tsiambaratelo hatrany ny zava-miafina nandritra ireny fotoan-tsarotra ireny na dia araka ny nomarihina etsy ambony aza fa sady nisy fisarahana aman'aina sy fananana potika. Mahakasika ny fifampitifirana nanoloana ny lapam-panjakana Ambohitsorohitra ohatra, efatra ambiny folo taona aty aoriana dia mbola honohono ny valin'ny fanontaniana hoe : Avy aiza ireny tifitra variraraka niteraka fatiolona marobe ireny? Iza no nanome baiko? Iza no nitifitra? Tsy ny tamin'ny taona 2009 ihany fa mbola manjavozavo ihany koa ny raharaha namonoana ny kôlônely Richard Ratsimandrava, tamin'ny 15 febroary 1975. Tranga ahiana tsy hisy marina hivoaka intsony satria na nisafidy hangina tanteraka na efa any ambany rangolahy ireo nanatrimaso sy mety mahalala tsiambaratelo amin'io raharaha io. Santionany fotsiny ireo fa ny fanontaniana hafa manitikitika ny saina koa dia ny hoe : Nijanona ho fahatsiarovana fotsiny ve ny natao sa mba nisy lesona noraisina hanarenana ny ho avy ?**

Voahangy Rakotozafy

Raharaha Rolly Mercia

# Amin'ny 14 febroary ny didim-pitsarana !

Tontosa omaly teny Anosy ny fitsarana ny raharaha mahavoasaringotra an'i Rolly Mercia. Ilay resaka fijoroana vavolombelona tamin'ny raharaha mandeha any Paris no niakaran'ny teny amin'ny fitsarana. Niziriziry hatramin'ny farany ny tenany ary nitazona tanteraka ny tsy famoahana ny tokony ho fantatra rehetra momba io fijoroana vavolombelona io, na dia nosokirin'ny fitsarana mafy azy. Taorian'ny fifandaharana teo amin'ny andaniny sy ny ankilany, dia nilaza ny mpitsara fa amin'ny 14 febroary izao no hamoahana ny didim-pitsarana momba ity raharaha ity. Ny Mpisolovava azy ny Me Rafidison Eric, dia nangataka ny fampitsaharana tanteraka ny fanenjehana ka ilazana fa tsy mahefa ny fitsarana eto noho ny tsy maha ara-dalàna ny fitoriana. Amin'ity mpisolovava ity, resaka politika tanteraka no fototry ny fanenjehana ny olona arovany. Raha tsiavivina, efa voheloky ny fitsarana higadra an-tranomaizina mandritra ny 44 volana ity minisitry ny Serasera teo aloha ity. Isan'ireo voafonja tafiditra amin'ny fahazoana ny fanalefahan-tsazy nomen'ny Filohan'ny Repoblika farany teo ny tenany.

JUDD



**Atoa Rolly Mercia tonga niatrika ny fitsarana azy tetsy Anosy.**

Antoko MMM - Fanisana mpifidy

# Nanatsikafona ny gaboraraka ataon'ny CENI

Nampiakam-peo manoloana ny gaboraraka sy ny lesoka ataon'ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana na CENI mahakasika ny fanomanana ny fifidianana ny antoko Malagasy Miara-Miainga (MMM). Natsikafon'izy ireo tamin'izany ny tsy fahaizamiasan'ny CENI momba ny fanisana mpifidy. Nambaran' ny Me Rakotomalala Rija, mpitondra tenin'ny antoko MMM tetsy Analakely omaly, fa mibaribary ny fihoarampefy ataon'ny rafitra mpikarakara fifidianana. « *Tokony hanara-dalàna ny Ceni. Tsy voahaja anefa izany. Heno sy hita ary anananay porofo fa mbola mandray anaran' olona amin'ny lisitry ny mpifidy izy ireo izao. Mbola misy olona mameno ny lisitra anaty karne sy mandary anarana any nefa efa tapitra ny fe-potoana, izay tokony efa eny anivon'ny fokontany indray no handraisana izany* », hoy izy. Amin'ny antoko MMM dia zava-dehibe ny hisian'ny fanaovana «audit» ilay rindrambaiko (logiciel) hanraha-maso ny anarana miverimberina. « *Takinay MMM ny hanampian'ny fanjakana ara-pitaovana, vola ary koa ny olona, ny Ceni hahafahany manao ny asany* », hoy ihany izy.

JUDD

Jean Nirina Rafanomezantsoa

# Mitady ny fomba hampiraisana ny mpitondra sy ny mpanohitra

Nanakiana mafy ny fanaovana politika eto amintsika ! "*Mbola tsy nisy antoko politika nametraka fampandrosoana ho an'i Madagasikara teto tao anatin'izay 60 taona nahazoana fahaleovantena izay. Ahoana ny fomba atao hampiray latabatra ny mpitondra sy ny mpanohitra ?* Io ny fanontaniana napetrak'Ing Jean Nirina Rafanomezantsoa manoloana ny toe-draharaham-pirenena amin'izao. Toa fitiavan-tseza foana no laharam-pahamehana ka rehefa tonga eo amin'ny toerana dia mifanongana sy mifampihantsy, hoy izy. Rehefa tsy mahazo seza dia manohitra. Rehefa voatambitamby dia mety ho namana indray. Notsindriny mafy ny tokony hidirana amin'ny politikan'ny fihavanana sy firaisankina, toa ny hita tamin'ny Barea ireny mba ahazoan'ny mpanohitra sy ny mpitondra miray feo. Nanamafy ny tokony hisian'ny fiaraha-midinika eo amindRavalomanana sy Rajoelina ary Rajaonarimampianina Ing Jean Nirina raha nilaza, fa tsy hisy fandrosoana eto, raha tsy miray hina ny malagasy. Mikasika ny fifidianana amin'ity taona ity, nahisy izy nanambara, fa "*Azo atao raha afaka miara-miasa amin'ny resy izay mpandresy. Tsy tokony hidirana kosa raha hanao valifaty amin'izay resy ny mpandresy na hila ady amin'izay mandresy ny resy*".

Niry R.

Basy very tao anaty toby

# Sady manjavozavo no mampieritreritra

Tsy vao sambany no nisy fitaovam-piadiana maherivaika maro nanjavona tany any anaty toby. Efa nitranga izany, tamin'ny toby miaramila iray eto andrenivohitra. Ary nolazaina tamin'izay fotoana izay fa misokatra ny fanadihadiana. Saingy taona maromaro aty aoriana, tsy misy tohiny ny raharaha na dia fantatry ny tompon'andraikitra isantokony tsara fa fahadisoana arak'asa goavana sady zava-doza ho an'ny fandriampahalemana, raha vao basy na bala no tsy fantapototra sady tsy voamarina ny toerana misy azy sy ny fomba nampiasana azy. Tamin'ny herinandro lasa teo dia nahazoam-baovao marim-pototra fa nisy basy very tao amin'ny toby iray, mbola eto an-drenivohitra ihany koa. Manjavozavo sady mampieritreritra ny zava-nitranga satria araka ny nambara etsy ambony dia tao anaty toby no very ilay basy, voalaza fa notazonin' ny mpitandro filaminana nanao fiambenana.

### Amin'ny anaran'ny mangarahara !

Araka ny loharanom-baovao samihafa avy ao anatiny dia olona roa avy ety ivelany no voalaza fa naka an-keriny ilay basy. Nahazoam-baovao moa fa nanaovana fanadihadiana ilay very basy. Manitikitika kosa ny fanontaniana hoe: Ahoana no nahatafiditra ilay olona roa tany anaty toby, nefa fantatra fa henjana ny fiambenana ny vavahady, amin'ny toerana saro-pady toy ireny. Ankoatra izay, manitikitika ihany koa ny fanontaniana hoe: Nisy ve ny mety ho firaisana tsikombakomba tamin'ity tranga ity ? Tsy azo fantarina amin'ireny « camera caché » ireny ve ny zava-nitranga marina. Antenaina fa hitondra fanazavana misimisy kokoa amin'io raharaha io ny tompon' andraikitra, rehefa mifarana tanteraka ny fanadihadiana, amin'ny anaran'ny mangarahara sy ho fanamafisana ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana izay tsikaritra ho tsy mitsahatra ny mirongatra, efa volana maromaro izao.

V.R.


TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Clémence Raharinirina

# Nahazo sazy mihantona 12 volana an-tranomaizina

*Efa inenina nahemotra ny fotoam-pitsarana.*

Namoaka didy mikasika ny raharaha Clémence Raharinirina ny Fitsarana. Araka ny didy nivoaka omaly hariva teny Anosy dia nahazo sazy mihantona 12 volana an-tranomaizina ity filohan'ny FTAR (Fikambanan'ny Taxi eto Antananarivo Renivohitra) ity, sady mpanolotsainan'ny tanànan'Antananarivo. Ny raharaha fitokonan'ny taksy teny Ankorondrano nihazo ny Lapan'ny tanàna Analakely, tamin'ny 9 aprily 2022, no nitoriana azy. Nitaky ny fialan'ny ben'ny tanànan'



Antananarivo Renivohitra ireo taksy notarihiny tamin'io fotoana io, saingy vao teny Ankorondrano nihazo an'Analakely ny tenany dia efa voasambotra ary nalefa notazomina teny amin'ny biraon'ny zandarimaria Fiadanana. Fanohintohinana ny fiandrianan'ny fanjakana no niampangana azy tao anatin'ity raharaha ity. Efa inenina nihemotra ny fitsarana ny raharaha ary vao tamin'ny herinandro no niverina niakatra teny amin'ny Fitsarana indray. Manana 10 andro hamaliana ny didy i Clémence Raharinirina. Nilaza ho tsy afa-po tamin'ny didy nivoaka ny tenany ka hampiakatra ny raharaha. Ny sampandraharaha misahana ny didy aman-dalàna sy ny fifanolanana eo anivon'ny Primatiora no fantatra fa nitory azy. Samy tonga niatrika ny fotoam-pitsarana ny andaniny sy ny ankilany. *"Tsy misy olona tokony ho ambonin' ny lalàna raha tena misy tany tan-dalàna tokoa eto. Nisy olona nitarika fanesorana tomponandraikitra ambony eto amin'ny firenena tsy nandraisana fepetra. Midika ho fanampenam-bava izao amiko ary famotehana mihitsy, satria efa ho avy indray ny fotoam-pifidianana. Tsy mampihemotra ahy anefa izany rehetra izany."*, hoy i Clémence Raharinirina.

**R. Muray**

Raharaha Esira

# Nanao be midina tany ny governora sy ny OMC

Taorian'ilay raharaha namoizana ain'olona tany Esira, any amin'ny faritra Anosy, ny 4 febroary 2023 lasa teo dia nanao be midina tany an-toerana ny governora Raharimbola Jocelyn sy ny OMC rezionaly rehetra. Raha tsiahivina dia nisy olona 6 maty tamin'io, ka ny 5 avy amin'ny fianakavian'Atoa Gervais ao Besakoa kely, ilay niharan'ny fanafihana, ary ny 1 avy amin'ny fianakavian'Atoa Remena ao amin'ny fokontanin'i Mitraiky, ireo nanafika. Nisy am-polony hafa ireo naratra avy amin'ny roa tonta vokatry ny fifamonoana feno habibiana nitranga tany antoerana. Ankoatra ny fandatsahana aina dia nisy ihany koa ny fandorana trano miisa 12 sy fakana an-keriny ny fananan'ireo fianakaviana



**Nalahelo ny governora rehefa nahita ny zava-nisy. (Eo am-povoany).**

niharan'ny fanafihana. *"Nandritra an'io fidinana ifotony io no nahafantarana sy nanadihadiana ny antony nahatonga ny zava-nitranga marina, ka nahatonga izao fifamonoana feno habibiana izao"*, hoy Atoa Raharimbola Jocelyn, govenoran'ny faritra Anosy. Nisy ny fitondrana ny teny fankaherezana avy tamin'ny anaran'ny fitondram-panjakana sy fitsapana alahelo ho an'ireo fianakavian' ny namoy ny havany nataon' ireo delegasiona, ary nanolorana fanampiana vonjimaika (vary, fanitso) ho azy ireo. Nohamafisin'Atoa Governora fa *"manameloka tanteraka ny fihetsika toy ity nitranga tao Esira ity ny fitondram-panjakana, satria dia tany tandalàna i Madagasikara, ka hentitra ny baiko omeko ireo mpitandro ny filaminana ny amin'ny tsy maintsy hikarohana sy hisamborana ary hampiharana ny famaizana tamin'ireo nahavanon-doza, ao anatin'ny fotoana faran' izay haingana"*. Tsy maintsy andraisana fepetra tsy ho ela ihany koa ny handaminana ny disadisam-piaraha-monina ao Esira, mba hisorohana ny hiverenan'izany intsony any aoriana.

**Heriniaina A.**

Aterineto

# Mety hitarika herisetra ho an'ny ankizy raha tsy voafehy

Araka ny fanadihadiana nataon'ny Ecpat France ary notohanan'ny End Violence Partnership sy Unicef tamin' ny ankizy 1500 eo anelanelan' ny 9 hatramin'ny 17 taona, fantatra fa 78 isanjato no mampiasa aterineto. Ny 58% amin'ireo dia miditra amin'ny aterneto indimy isan-kerinandro ary 82 % mandany ora roa isaky ny tafiditra. Ny 50 isanjaton'ny ray amandrenin'ireo ankizy ireo anefa milaza fa mampiasa aterineto ihany koa, ary 57% tsy miasa saina loatra amin'izay ampiasan'ny zanany ny tambajotran-tserasera. Maro karazany anefa ny herisetra mety hiainan'ny ankizy ao anatin'izany aterineto izany. Anisan'izany ny fitrandrahana ny zaza amin'ny alalan'ny filana aranofo, fampivarotan-tena, fividianana firaisana ara-nofo amin'ny zaza, zahatany mamoafady, fampanambadiana ankizy, fampiasana zaza ho fitaovana fitadivam-bola, fikatsanana lalam-barotra, famarinan-jaza sy ny maro hafa. Nankalazaina omaly ny andro iraisam-pirenena ho amin'ny aterineto azo antoka. Misy atrikasa sy fanofanana nomena ireo ankizy sy tanora amin'ny fampiasana tambajotrantserasera, toy ny Tiktok, notanterahina tetsy Ambohijatovo omaly ho fanamarihana izany. Ny fampiasana sy ny fetra ary ny tombontsoan'ny fampiasana tambajotra no nampahafantarina ireo ankizy tamin' izany. Ireo ankizy ireo indray avy eo no hanaparitaka izay zavatra voarainy nandritra izany fiofanana izany amin'ny manodidina azy. Marihina fa nanomboka tamin'ny 2015 ary mbola hotohizana amin'ny 2025 ity tetikasa vatsian'ny "End Violence Partnership" eto Madagasikara.

**Nath**

**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana : Lucien RAHARISON 034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana : Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10
Birao sy fandraharahana : Lalana Ravoninahitriniarivo B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80 Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 926 - 02 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

*Nahandro*

## Crème ho an'ny mofomamy

**Zavatra ilaina :** vanille, siramamy 80g, feuille de gélatine 8g na tapotsin' atody 2 na 3 raha kely ny atody, crème 500g.

**Fikara-karana azy :** Ampangotrahina amin'ny afo malefaka ny crème, haroina foana, alefa ao ny vanille, siramamy, gélatine fa raha tapotsin'atody no atao dia rehefa esorina ambony afo vao mixer-na tsara ao ny tapotsiny, alefa anaty moule dia avela hangatsiaka 5 ora.

Minisitra Rolland Ranjatoelina

# Tsy mieritreritra ny hametra-pialana

Vao tsy ela akory no voafidy hitarika ny ASECNA (Agence pour la Securité de la Navigation Aérienne en Afrique et à Madagascar) ny minisitry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny toetrandro, Rolland Ranjatoelina. Araka ny sata mifehy ity rafitra iraisan'ny firenena 18 eto Afrika ity anefa dia tsy mahazo mitana andraikitra hafa ankoatra ny maha filohan'ny filankevi-pitantanana azy izy amin'ny fotoana handraisany ny toerany sy ny andraikiny. *"Marina fa misy tsy mifanaraka amin'ny andraikitra eo anivon'ny ASECNA ny toerana misy ahy ankehitriny. Tsy mahamaika ny resaka fametrahampialana. Miandry ny torolalana avy amin'ny Filohampirenena ny tenako, satria izy tenany mihitsy no nanao ny taratasy fanolorana ahy teo amin'ity rafitra ity."*, hoy ny minisitra Rolland Ranjatoelina, rehefa nanontaniana mikasika ity raharaha ity.

*Miandry ny fanapahankevitry ny filoham-pirenena.*

**Andro manokana**

Nomarihina omaly tao amin'ny foiben'ny ASECNA Ivato ny andro natokana ho an'ny tontolon'ny fiaramanidina. Nasaina nanatrika ny lanonana avokoa ireo mpisehatra eo amin'ny asam-pitaterana an'habakabaka, toy ny ADEMA, Ravinala Airports, ENEAM, ary Tsaradia. Novelabelarina tao anatin'io fotoana io ireo andraikitra sahanin'ny tsirairay avy. Nisy ny fitsidihana ny fotodrafitrasa sy ny fitaovana ampiasain'ny ASECNA. Nohararaotin'ny minisitra ny nizarana ireo ezaka vita tao anatin'ny taona vitsy. Efa tafakatra 18 isan'andro ny fiaramanidina tonga ao Nosy Be raha tsy nisy afa-tsy 2 taorian'ny fanokafana ny sisintany. Ankoatra ny fiverenan'ny kaompania Airlinks, dia nambarany fa misy kaompania roa vaovao mangataka hanao ny zotra mampitohy an'Afrika Atsimo sy Mahajanga, ary ny zotra mampifandray an'i Milan sy Mahajanga. Nankatoavina koa ny fangatahan'ny Air France hanao zotra faha dimy fanampiny. Efa tafakatra 50 000 ireo fiaramanidina narahin'ny ASECNA maso tamin'ny taon-dasa ary andrasana hiakatra 60 000 amin'ny herintaona. Teo koa ny nahafahana nametraka ny filankevi-pitantanan'ny ACM (Aviation Civile de Madagascar). Nohamafisin'ity minisitra ity fa miditra ny vola ary mibosesika ny olona mankaty Madagasikara, saingy tsy afaka ny hiandry ny fanarenana ny Air Madagascar, hoy izy. Nomarihiny kosa anefa fa haverina tsikelikely amin'ity kaompaniam-pirenena ity ireo zotra ireo rehefa tafarina.

**R. Muray**

Masindray

# Zanakazo 10 000 novolen' ireo mpanohana ny filoha

Ao anatin'ny vanim-potoana fambolen-kazo tanteraka isika amin'izao fotoana izao. Nanatanteraka ny anjarany teny Masindray ireo mpanohana ny filoha Andry Rajoelina manodidina ny 10 000. Nitarika izany ny "Direction des affaires sociales et politiques" sy ny faritra Analamanga ary nanotrona ireo fikambanana toy ny TMH, Pro Anr, CS Anr, olon-tsotra. Olo-manankanja maro eto amin'ny firenena no tazana teny Masindray omaly. Anisan'izany i Christine Razanamahasoa, Augustin Andriamananoro, Rasoamaromaka Hery governoran'ny faritra Analamanga sy ny maro tsy voatanisa. Araka ny nambaran'ity farany dia natao hanehoana firaisankina, fitiavana ary fifandeferana ity hetsika notanterahina tety Masindray ity. Mazava ho azy fa tsy manenjika isa fotsiny fa misy ny fanarahamaso ataon'ny ben'ny tanàna amin'ireto zanakazo, ahitana flamboyant, mentalys, bambou sy ny maro hafa ireto. Manentana ireo rehetra mpanaraka ny filoha ka nomena fahefana i Hery Rasoamaromaka mba hanohy ny asa hatrany na efa betsaka aza ny vita. Mazava ho azy fa manohana ny firotsahan'i Andry Rajoelina , filoha am-perinasa, hofidiana izy ireo ary milaza fa hotsaraina amin'io fotoana io ny zavabitan'izy rehetra. « *Manome toky aho fa hamboarina ny lalana eto Antananarivo ary hatao tsara. Efa nisy fifampiresahana tamin' ny ben'ny tanàna, minisitry ny asa vaventy, filoham-pirenena ary orinasa lehibe iray amin'ny fanatanterahana izany. Teo aloha mantsy tsy manara-penitra fa vao vita kely dia simba ny lalana teto. Aleo mahavita 10km azo antoka fa haharitra an-taona maro toy izay zara raha vita ka simba raha vao tonga ny fotoam-pahavaratra"*, Hoy hatrany Rasoamaromaka Hery.

**Nath**